



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana

## **FIADIDIANA NY REPOBLIKA** **FAMPITAM-BAOVAO**

### **Filoham-pirenena tao Toamasina : nijeryamin'nyantsipirianyfametrahanairafotodrafitrasa**

Nanohy ny fitsidihany tao Toamasina ny filoha Andry Rajoelina. Nidina ifotony nijery ny hametrahana ireo fotodrafitrasa hatsangana sy hamboarina eny an-toerana ny tenany, androany 18 martsa 2019.

Niaraka tamin'ireo teknisiana sy orinasa hanamboatra ny lalana « autoroute » ny filoham-pirenena. Hatomboka afaka iray volana sy tapany ny asa fanamboarana ny lalana izay mirefy 10km miainga avy eo amin'ny seranan-tsambo ka mitohy hatrany Tsarakofafa ary mipàka amin'ny lalam-pirenena faharoa mampitohy an'Antananarivo. Hatao izay hahavitàna ny asa aingana indrindra, hoy ny filoha Andry Rajoelina raha nidina teny an-toerana ny tenany. Nanambara ihany koa izy, nandritra ny fihaonany tamin'ny mponina manodidina fa vonona hanampy sy hiara-hiasa amin'izy ireo ny fitondram-panjakana, indrindra amin'ny resaka fananan-tany raha misy toerana voakasik'io fanamboaran-dalana io.

Taorian'izay dia nanohy ny fidinana ifotony hatrany ny filoham-pirenena ka nijery ny sisin-dranomasin'i Toamasina, izay araka ny efa nambarany fa hamboarina tanteraka sy hatsaraina mba tsy ho mena-mitaha amin'ireo hita any ivelany ny eto amintsika. Mirefy eo amin'ny 7km eo ny sisin-dranomasina izay voakasik'ity tetikasa lehibe ity : manomboka eo amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina ka mitohy hatreny Salazamay. Hanaraka dingana maromaro ny asa fanamboarana. Hanombohana izany ny fanitarana ny lalana ka hasiana lalana natokana ho an'ny mpandeha antongotra manaraka iny sisin-dranomasina iny. Voakasik'ity tetikasa ity avokoa ny fampiroboroboana ny fizahantany, ny toekarena, ny tanora sy fanatajahantena.

Eo amin'ny lafin'ny fizahantany dia hitarina ny seranan-tsambon'i Toamasina mba handray irony sambo mpitondra mpizahan-tany irony ka afaka hiantsona eo amin'ny sisin-dranomasina iny. Hisondrotra, noho izany, ny sehatry ny fizahantany ary hipàka amin'ny toekarena. Hamboarina ihany koa ireo toeram-pivarotana isan-karazany manaraka iny sisin-dranomasina iny mba hanara-penitra sy hanatsara ny endriky ny tanàna. Rehefa niresaka tamin'ireo mpivarotra teny an-toerana moa ny filoha Andry Rajoelina dia nanazava tamin'izy ireo fa tsy misy ho esorina eny amin'ny toerana misy azy izy ireo fa kosa hiara-hiasa amin'izy ireo ny fitondram-panjakana mba hanatsara ireo toeram-pivarotana ireo. Noantitranterin'ny filoham-pirenena anefa fa tsy tokony hiampy intsony ireo mpivarotra fa ireo efa teo ihany no ho raisina sy hapetraka anatin'ny lamina vaovao ka ireo mpivarotra no hiara-hifehy izany amin'ny fanjakana. Ho an'ny tanora sy ny ankizy kosa dia hatsangana eny an-toerana ireo toeram-pilalaovana isan-karaza ny sy kianja fanaovana fanatajahantena samihafa.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika  
18-03-2019